



## **Hotspot de Biodiversité de Madagascar et des îles de l’Océan Indien**

### **Fiantsoana tetikasa**

Ity fiantsona tetikasa ity dia natao ho an’ny tetikasa mikasika ny  
fiarovana ny harena voajanahary

Eto amin’ny faritry ny ranomasimbe indiana : Madagasikara,  
Seychelles, Maorisy

**Daty fanombohana fandraisana tetikasa : Alatsinainy 20 Jiona 2016**

**Daty farafandraisana tetikasa: Alakamisy 8 Septambra 2016**

## Fanoroana pejy

Fampidirana .....	2
Masontsivana momba ny fangatahana tetikasa .....	4
Fepetra fangatahana famatsiambola .....	9
Seraseram-pifandraisana .....	10

## Fampidirana

Ny Fonds de Partenariat pour les Ecosystèmes Critiques (CEPF) dia manao fiantsoana tetikasa miompana amin'ny famatsiambola madinika ho an'ny fiarahamonim-pirenena : rafitra tsy miankina amin'ny fanjakana, ny vondron'olona ifotony, ny orinasa tsy miankina, ny hainjerimanontolo/oniversite.

Ity toro-lalana ho an'ny fiantsoana ity dia mikasaika manokana ny **tetikasa madinika (Iatsaky ny 65 693 400 Ariary – 20,000 USD)** – izay voakasiky ny dika teny malagasy irery ihany. Ny andinindininy mikasaika ny tetikasa mihoatra ny 20,000 USD (na 65 693 400 Ariary) dia hita ao amin'ny dika teny Anglisy sy Frantsay.

Ny CEPF, Tahirimbola ho an'ny harena voajanahary tandindonin-doza dia natao hiarovana ny faritra anisany manankarena ara-biolojika no sady tandindonin-doza ho lany tamingana eto an-tany, izay atsoina hoe « Hotspot de biodiversité ». Ny CEPF dia fiarahamiantan'ny mpiaramiombon'antoka maro toy ny tahirimbola frantsay ho an'ny fampandrosoana Agence Française de Développement, Conservation International, ny Vondrona eropeana, ny Tahirimbola iraisam-pirenena ho an'ny tontolo iainana (Fonds pour l'Environnement Mondial), ny governemanta japoney, ny Tsanganasa John D, ny Catherine T. MacArthur ary ny Banky Iraisam-pirenena. Ho an'ny Madagasikara, ny CEPF dia nahazo fanohanana fanampiny avy amin'ny *Leona M. and Harry B. Helmsley Charitable Trust*. Ny tanjona ankapobeny dia ny fampandraisan'anjaran'ny fiaraha –monim-pirenena amin'ny fiantohana sy ny fiarovana ireo harena voajanahary.

Azo jerena ny antontan-kevitra fanampiny momba izany ao amin'ny rohy: [www.cepf.net](http://www.cepf.net)

Ny famaritana ny fotoana sy ny paik'ady hanatanterahina ny fampiasam-bola ny CEPF – voarafitra ao anatin'ny "Profil d'Ecosystème"- dia niarahana namolavola tamin'ny solontenan'ny fiarahamonim-pirenana, ny governemanta, ny Mpamatsy vola ary ireo manampahaizana manokana amin'ireo nosy eto amin'ny faritry ny ranomasimbe indianina ny volana jolay 2013 hatramin'ny martsa 2014.

Ny Filankevitry ny Mpamatsy vola ny CEPF dia nankatoa ny "Profil d'écosystème" ny volana jolay 2014, mamaritra ny paikady ampiasana vola mandritra ny 5 taona. Mitentina 8,4 Tapitrisa Dolara ny vola ampiasaina mandritra izany. Io paikady io dia mamaritra ihany koa ny taridalana sy ny laharam-pahamehana ho vatsiana vola mandritry ny fe-potoana voatondro.

Ny CEPF dia miara-miasa akaiky amin'ny Fondation Tany Meva, Ratsamangaika ety IfoTony (RIT) ho an'ny faritra Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana mba hahatratrarana ny tanjona izay napetraka tao anaty paikady. Ny RIT dia hanampy ireo fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena hamantatra sy hanomana ireo tetikasa, hanampy azy ireo mandritry ny fanatanterahana ny tetikasa ary hanamora ny fampitana sy fampivoarana ny traikefa azo.

**Ny tetikasa azo raisina dia ny tetikasa mahasahana ireto nosy ireto : Madagasikara, Seychelles, Repoblikan'ny Maorisy.**

Ny fe-potoana fara-fandraisana ny tetikasa dia ny **8 septambra 2016**. Entanina ianareo hamaky tsara ireo torolalana etsy ambany mikasika ny andinindinin'ny laharam-pahamehana voafaritra ho an'ity fiantsoana ity sy ny fomba fandrosoana tetikasa.

**Entanina hamaky amin'ny antsipirihany ny “[Profil d’Ecosystème de Madagascar et des Iles de l’Océan Indien](#)” ireo mikasa handray anjara amin'ny fiantsoana tetikasa ary indrindra hanaja ny fe-potoana napetraka sy ny paik'ady hamatsiana vola voarakitra ao amin'ny «Stratégie d’investissement du CEPF (chapitre 12)».**

**Misy ny famintinana ny « Profil d’écossystème » sy ny paik'ady mahasana ny fampiasam-bolan'ny CEPF ety aminy faritry ny ranomasimbe indianina, mamaritra ireo tari-dalana sy ny laharam-pahamehana, hitanao amin'ity rohy ity :**

[www.cepf.net/grants](http://www.cepf.net/grants) (dika teny anglisy)

[www.cepf.net/fr/appels\\_a\\_projets](http://www.cepf.net/fr/appels_a_projets) (dika-teny frantsay)

*Ny dika-teny Malagasy dia ho hita ao amin'ny tranokalan'ny Fondation Tany Meva aoriana:*

[www.tanymeva.org](http://www.tanymeva.org)

**Hamafisina etoana ny fanentanana ireo hanolotra tetikasa hamaky ireo tahirin-kevitra ireo ahafahany manamafy ny fifandrian'ny tetikasa aroso amin'ny tanjon'ny CEPF**

**Ireo tetikasa atolotra dia tsy maintsy manaraka ny lasitra fandrafetana tetikasa voatondro etsy ambany, ary alefa amin'ireo adiresy voalaza eo ihany koa**

## Masontsivana momba ny fangatahana tetikasa

Marihina fa ity fiantsoana tetikasa ity dia misokatra ho an'ny **Tari-dalana sy Laharam-pahamehen' ny famatsiam-bola voalaza ao amin'ny Tabilao 1** eto ambany.

Ireo tetikasa fangatahana dia tsy maintsy mahakasika ireo **Faritra voaaro ao anatin'ny Laharam-pahamehena voatanisa ao amin'ny Tabilao 2.**

Ny CEPF dia mamporisika ireo mpanolotra tetikasa hiara-hiasa amin'ireo mpiara miombon'antoka avy amin'ny sehatr'asa isan-tokony, raha toa ka ilaina izany, mba hahatrarana ny lamin'asa voalaza. Anisan'izany ny fikambanan'ny mpanjono, ny fikambanan'ny tantsaha, ny fikambanana misahana ny fizahantany sy ny sehatra tsy miankina, ny Fikambanana miasa ho an'ny fampandrosoana sy ny tontolo iainana ary ireo manampahaizana manokana momba ny harena voajanahary; kendrena indrindra ny hisian'ny fiarahamiasa mahomby.

**Tabilao 1 : Tari-dalana sy laharam-pahamehana ho an'ity fiantsoana tetikasa ity**

TARIDALANA	LAHARAM-PAHAMEHENA
<b>1 - Fanomezana ireo vondron'olona eny ifotony ny enti-manana amin'ny fiarovana sy ny fitantana ny harena voajanahary ao anatin'ny faritra Voalaza ao amin'ny laharam-pahamehana</b>	1.1 Fanohanana ireo vondron'olona eny ifotony amin'ny fikarakarana sy fametrahana ny fepetra hiarovana ny harena voajanahary amin'ny ny tsindry mihàtra ao anatin'ny faritra voalaza amin'ny laharam-pahamehana 1.2 Fanohanana ny fametrahana modely ekonomika ahafahana miaro ny harena voajanahary no sady manampy amin'ny fanatsarana ny fari-piainana eny ifotony ihany koa 1.3 Fanohanana ny fahaizamananao ara-tekinika, ara-bola, ara-pandraharahana ny fikambanana eny ifotony sy ireo mpiara-miombon'antoka rehetra  <b>- VOATOKANA HO AN'IREO FARITRA VOATANISA AO AMIN'NY TABILAO 2.1 -</b>
<b>2 - Fanampiana ireo fiarahamonim-pirenena amin'ny fampidirana ny fiarovana ny harena ao amin'ny dingana fanapahan-kevitra ara-politika sy ara-toekarena</b>	2.1 Fanampiana ireo ratsa mangaika sy ny sampam-pikarohana miasa eo anivon'ny ny Hotspot mba hanatsarana ny fahaizana fototra momba ny harena voajanahary sy ny Rohivoahary voafantina  <b>- VOATOKANA HO AN'IREO FARITRA VOATANISA AO AMIN'NY TABILAO 2.2 -</b>
<b>3 - Fanamafisana orina ny traikefa hananan'ireo fiarahamonim-pirenena eny ifotony sy isam-paritra amin'ny alalàn'ny fampiofanana, fifanakalozana traikefa ary ny fiaraha-miasa mivantan'ireo sehatra isa-paritra</b>	3.1 Famporisihana ny fipoiranan'ny andiamirindra vaovao matihanina eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny famatsiam-bola madinika ny fiofanana ara-teknika sy ny fampiharana izany 3.2 Famporisihana ny fifanakalozana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny rafitry ny fiarahamonim-pirenena mba hanamafisan'orina ny fahaizamananao ara-teknika, ara-pitantana sy ny fikarohana mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy vola

### Toro-hevitra ho an'ireo tetikasa mikasika ny taridalana voalohany

Ny CEPF dia hijery manokana, mandritry ny fifantenana ny tetikasa, ny famahatra ifoton'ireo mpanolotra tetikasa (ny traikefa teo aloha, ny fahalalana ny faritra, ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka ifotony). Ny lafiny fampaharetana ny vokatra azo sy ny fanohizana ny asa

aorian'ny famatsiam-bolan'ny CEPF ihany koa dia anisan'ny ho jerena akaiky. Ny tetikasa miompana amin'ny fametrahana rafitra ifotony hitantana ny Harena voajanahary, sy ireo tetikasa misahana ny famolavolana "modely ekonomika" maharitra mandray an-tanana ny fiarovana ny Harena voajanahary dia omena laharam-pahamehana.

Ny tetikasa ivelan'ireo faritra voatanisa ao amin'ny tabilao 2.1 etsy ambany dia ho lavina.

Entanina ny mpanolotra tetikasa hamaky sy handalina tsara ny « profil d'écosystème », ny fizarana/toko mahakasika ny paikady ho an'ny fampiasam-bola, momba ny andinindiny mikasika ny tetikasa mifandraika amin'izany.

### **Toro-hevitra ho an'ireo tetikasa mikasika ny taridalana faharoa**

Ity fiantsoana tetikasa ity dia mikasika ny laharam-pahamenana 2.2 , ary ho an'ireo toerana voatanisa ao amin'ny tabilao 2.2 etsy ambany.

Ho an'ity laharam-pahamena ity, ny *famatsiam-bola madinika* no tiana ampiasaina.

Ho an'ny Madagasikara, ny faritra voafantina dia ireo toerana tsy mbola misy mpitantana; toerana izay tsy manana tahirin-kevitra mikasika ny Harena voajanahary ao aminy. Ny tetikasa amin'ity laharam-pahamehana ity dia tokony ahazoana ireo tahirin-kevitra fototra mikasiaka ireo Harena voajanahary eo amin'ny faritra, ny tsindry mianjady eo an-toerana. Azo ampidirina ihany koa ny lafiny ara-tsosialy sy ekonomika raha toa ka ilaina.

Ireto ny tetikasa azo vatsiana amin'ity laharam-pahamenahana ity : fanadiadiana siantifika mikasika ny Harena voajanahary, ny fandrafetana taon-tsaritany, azo tohanana ihany koa ny fikarohana momban'ny fampiasan'ny mponina ny Harena voajanahary. Ny tetikasa dia tokony ho tanterahan'ny rafitra avy eo amin'ny Hotspot (Madagasikara, Comores, Seychelles, Maurice), afaka miara-miasa ihany koa amin'ny mpikaroka iraisam-pirenena amin'izany. Ny CEPF dia hanome laharam-pahamehana ireo tetikasa (i) manohana ny fiofanan'ny tanora miasa eo amin'ny fiahiana ny Harena voajanahary avy eto amin'ny faritry ny Hotspot, sy (ii) mahasahana ny fiaraha-miasa eto anivon'ny ranomasim-be indianina. Ny vokatry ny fikarohana vatsian'ny CEPF dia tsy maintsy abaribary ho azon'ny rehetra vakiana, afa-tsy ny hoe mety hiteraka korontana eo amin'ny lafin'ny fiahiana ny Harena voajanahary (ohatra: ny fitsinjaran'ny karazan-java- mananaina amidy tsy manara-dalàna)

### **Toro-hevitra ho an'ireo tetikasa mikasika ny taridalana fahatelo**

#### **Laharam-pahamehana 3.1 – Fiofana teknika arahana fampiharana**

Ireto avy ny karazana tetikasa andrasana ho amin'ity laharam-pahamehana ity :

- Tetikasa manampy ny mpianatra, na ny tanora miasa eo amin'ny fiahiana ny Harena voajanahary hanana ny fahalalana fototra ara-teknika sy ny fampiharana izany mikasika ny lohahevitra mifandraika amin'ny fiahiana ny Harena voajanahary. Ireo mpanolotra ny tetikasa dia entanina hifandray sy hiara-ifarimbona amin'ireo tetikasa efa tohanan'ny CEPF;
- Tetikasa manampy ny traikefa teknikan'ireo mpitarika ny vondron'olona ifotony sy ireo mpiantsehatra amin'ny tetikasa fampandrosoana (indrindra ny tetikasa fampiroboroboana ny fambolena) mba ahafahan'izy ireo mampiditra ny fiahiana ny Harena voajanahary

amin'ny laminasany avy. Ny CEPF dia hanome laharam-pahamehana manokana, indrindra ho an'ny Madagasikara, ireo tetikasa miompana amin'ny faritra voatokana : (i) faritry ny morontsiraka sy ny ranomasina, (ii) ny faritra mando, (iii) ny ala maika.

### **Laharam-pahamehana 3.1: Famporisihana ny fifanakalozana traikefa sy ny fiarahamiasa**

Ho an'ity fiantsoana tetikasa ity, ny CEPF dia manantena handray tetikasa miompana amin'ny fampivoarana ny fiaraha-miasa (jumelage) amin'ny rafitra samy miasa eto anivon'ny Hotspot, mikasika ny olana mivantana ara-teknika, na amin'ny lafin'ny fitantana (fitadiavana famatsiam-bola, fintanana ara-bola na arakasa, ...). Amporisihina indrindra ny fiaraha-miasa eo amin'ny rafitra iray efa matanjaka sy manana traikefa betsaka sy ny rafitra vaovao, mbola marefo.

Ny tetikasa dia tokony hikendry ireo rafitra miasa eo anivon'ny faritra voatokana nofantenan'ny CEPF (ZCB Prioritaire : 78 ho an'ny Hotspot manontolo), na hikendry lohahevitra mahakasika ireo faritra voatokana : (i) faritry ny morontsiraka sy ny ranomasina, (ii) ny faritra mando, (iii) ny ala maika.

### **Tabilao 2.1: Lisitry ny faritra voatokana (ZCB) , ho an'ny **Taridalana 1 : Fanomezana ireo vondron'olona eny ifotony ny enti-manana amin'ny fiarovana sy ny fitantana ny harena voajanahary** ao anatin'ny faritra Voalaza ao amin'ny laharam-pahamehana.**

<b>MADAGASCAR: Paysage Kirindy-Mangoky</b>	
MDG-142	Parc National de Kirindy Mite et extension
MDG-42	Fleuve Mangoky
MDG-90	NAP Complexe Lac Ihotry - Delta du Mangoky
MDG-92	NAP Complexe Mangoky-Ankazoabo
<b>MADAGASCAR: Paysage Menabe</b>	
MDG-2	Ambalibe Menabe
MDG-97	NAP Corridor Central de Menabe
<b>MADAGASCAR: Groupe des Hautes Terres Centrales</b>	
MDG-5	Ambatofinandrahana
MDG-112	NAP Ibity
MDG-113	NAP Itremo
MDG-121	NAP Massif de Manjakatempo-Ankaratra
<b>MAURICE: Ile Maurice</b>	
MUS-2	Chaine des Monts Bambou
MUS-3	Chamarel - Le Morne
MUS-9	Le Pouce - Anse Courtois - Pieter Both - Montagne Longue
MUS-12	Parc National des Gorges de la Riviere Noire et zones adjacentes

MUS-17	Yemen-Takamaka
<b>MAURICE: Rodrigues</b>	
MUS-13	Plaine Corail
MUS-16	Versant Sud de Grande Montagne
MUS-6	Ilots de Rodrigues
<b>SEYCHELLES: Praslin</b>	
SYC-7	Fond Azore (versants sud) à Anse Bois de Rose
SYC-9	Fond Ferdinand
<b>SEYCHELLES: Mahé</b>	
SYC-11	Forêts sèches de Montagne Corail-Collines du Sud
SYC-13	Grand Police (zones humides)
SYC-36	Montagne Brûlée-Piton de l'Eboulis
SYC-38	Montagne Planneau (Grand Bois-Varigault-Cascade)
SYC-43	Parc National du Morne Seychellois

**Tabilao 2.2: Lisitry ny faritra voatokana (ZCB) ho an'ny Taridalana 2 – Laharam-pahamehana 2.1 (Fanatsarana ny fahalalana fototra mikasika ny Harena Voajanahary).**

<b>MADAGASCAR</b>	
MDG-42	Fleuve Mangoky
MDG-2	Ambalibe Menabe
MDG-16	Ampombofofo
MDG-33	Complexe de la Baie de Rigny
MDG-122	NAP Montagne des Français
MDG-36	Côte à l'Est d'Antsiranana
MDG-54	Lac Tseny
MDG-105	NAP Forêt Classée de Bongolava (Marosely)
MDG-132	NAP Zone humide de Port-Bergé
MDG-211	Zones humides de Maevatanana-Ambato-Boeny
MDG-85	NAP Baie de Bombetoka – Marovoay
MDG-4	Ambato-Boeny
MDG-5	Ambatofinandrahana

<b>MAURICE</b>	
MUS-1	Bancs de Cargados Carajos
MUS-2	Chaîne des Monts Bambou
MUS-3	Chamarel - Le Morne
MUS-9	Le Pouce - Anse Courtois - Pieter Both - Montagne Longue
MUS-12	Parc National des Gorges de la Rivière Noire et zones adjacentes
MUS-17	Yemen-Takamaka
MUS-13	Plaine Corail
MUS-16	Versant Sud de Grande Montagne
MUS-6	Ilots de Rodrigues
<b>SEYCHELLES</b>	
SYC-7	Fond Azore (versants sud) à Anse Bois de Rose
SYC-9	Fond Ferdinand
SYC-11	Forêts sèches de Montagne Corail-Collines du Sud
SYC-13	Grand Police (zones humides)
SYC-36	Montagne Brûlée-Piton de l'Eboulis
SYC-38	Montagne Planneau (Grand Bois-Varigault-Cascade)
SYC-43	Parc National du Morne Seychellois
SYC-5	Cosmolédo
SYC-21	Ile Desnoeufs



## Fepetra fandania

Ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana, fikambanana eny ifotony, orinasa tsy miankina, oniversite ary ireo mpikambana ao amin'ny fiaraha-monimpirenena dia afaka mangataka famatsiambola.

Ny rafitra miankina na mifandray amin'ny Fanjakana dia afaka mandray anjara raha toa ka mahafeno ireto fepetra eto ambany ireto:

- Manana fahaleovantena ara-dalàna amin'ny fanapahan-kevitra ka tsy miankina amin'ny Fanjakana
- Manana fahefana hangataka sy hahazo famatsiambola manokana
- Tsy afaka milaza fiandrianany tsimatimanota (immunité souveraine)

Ny famatsiana ara-bola azo dia tsy azo ampiasaina amin'ireto voatanisa eto ambany ireto :

- fividianana tany, famindràna olona tsy ara-drariny, indrindra fa manova ny fampiasana ny tany na fandràna ny fahazoana nentim-paharazana ny fampiasana ny harena voajanahary , na zavatra atao izay manana voka-dratsy eo amin'ny kolontsaina, indrindra ireo manandanja amin'ireo vondron'olona eny ifotony ;
- Ny asa mety hisy fiatraikany ratsy eo amin'ny fomba fiainan'ny mponina Mikea sy ireo tetikasa tsy nankatoavin'ny mponina eny ifotony ;
- Ny fanesorana na fanovàna ny harena ara-kolotoraly ( indrindra fa ireo toerana arkeolojika, paleantolojika, tantara, fivavahana ...). Ny tetikasa aroso dia tsy maintsy manaraka ny politika mikasika ny « sauvegarde » sy ny politika sosialin'ny CEPF ; azo jerena amin'ity rohy ity :

[www.cepf.net/grants/Pages/politiques\\_de\\_sauvegarde.aspx](http://www.cepf.net/grants/Pages/politiques_de_sauvegarde.aspx)

## Fepetra fangatahana famatsiambola

langaviana ny mpanootra ny tetikasa hanaraka ireto torohevitra manaraka ireto :

• Ity fiantsoana tetikasa ity dia natokana hoan'ny tetikasa madinika latsaky ny **Ar65 693 400**; Ireo mpanolotra ny tetikasa dia tsy maintsy manaraka ny lasitra/modely fandrafetana tetikasa voafaritry ho amin'izany.

- Ny mpangataka tetikasa dia afaka mandefa taratasy fikasana maro; tsy tena amporisihana loatra ity fomba ity.
- Ny tetikasa dia atao eto **Madagasikara, Maorisy na Seychelles**. Ny rafitra ivelan'ireo firenena ireo dia afaka manolotra tetikasa raha toa ity farany ka atao eo anivon'ireo firenena voalaza etsy ambony ireo ary ahitan'ny mponina ao tombon-tsoa.
- Marihina fa ny fikambanana avy amin'ny departemanta sy ny faritra frantsay (DOM,TOM) izay tafiditra ao anatin'ny Hotspot dia afaka mangataka tetikasa momba ny fanamafisana ny fiaraha-miasa isam-paritra ho an'ny tombontsoan'ny firenena telo voalaza etsy ambony . Hatreto, ny CEPF dia tsy afaka manohana ara-bola ny tetikasa ao amin'ny departemanta sy faritra frantsay.

- Ireo laharam-pahamehana vaofantina amin'ny Tabilao 2.1 ihany no voakasik'ity fiantsoana ity. Ny tetikasa ivelan'ireo laharam-pahamehana ireo dia tsy ho voaray. Ny andinindinin'ireo laharam-pahamehana ireo dia voarakitra ao amin'ny "Profil d'Ecosystème."
- Ho an'ny tetikasa tanterahana eny ifotony, **ny faritra voalaza ao amin'ny Tabilao 2.1 raha miompana amin'ny Taridalana 1 sy ireo voalaza ao amin'ny Tabilao 2.2 raha miompana amin'ny Taridalana 2 no azo dinihina.**
- Hisy fiantsoana tetikasa hafa aoriana ho an'ireo toerana hafa iasan'ny CEPF ka tsy voakasik'ity fiantsoana ity
- **Ny tetikasa aroso dia tsy maintsy manaraka ny lasitra/modely voatokana ho amin'izany.** Afaka misafidy ny fiteny tiany ny mpanolotra ny tetikasa : Malagasy, anglisy, frantsay.
- **Alefa mailaka** ny tetikasa. Misy taratasy fanamarinam-pandraisana ny tetikasa alefa raha vantany vaoray ny tetikasa.
- Raha toa tsy misy ny fahafahana hanao izany dia azo alefa amin'ity adiresy manaraka ity ny tetikasa: **Lot I A I 1 bis – Ambatobe, Antananarivo 103 – Madagascar.** Ireo izay hiroso amin'ny fandefasana ny tetikasa araka ity fomba ity dia entanina hiantso mialoha aty amin'ny Tany Meva (laharana 22 403 99)
- Ny daty fanaterana ny tetikasa dia ny Zoma 09 Septembra 2016 alohan'ny amin'ny 7 ora maraina (mitovy amin'ny **Alakamisy 8 septambra 2016 – misasakalina, ora any** Washington, Etazonia)

**Ny tetikasa ho raisina dia ireo tetikasa manaraka ny lasitra voafaritra amin'izany ary alefa mailaka amin'ity adiresy ity : [cepfritmadio@tanymeva.org](mailto:cepfritmadio@tanymeva.org) na amin'ny Lot I A I 1 bis Ambatobe Antananarivo 103 Madagasikara mialohan'ny fe-potoana voafetra**

Ny fandraisana ny tetikasa dia arahana malaika manamafy izany. Manaraka rafitra ny fandinihana ireo tetikasa voaray : hisy ny fandalinana ataon'ny Ratsamangaika ety IfoTon'ny CEPF ho an'ny faritra Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana (RIT); arahana fandinihana ataon'ny Kaomity Matihanina.

Ho an'ny famatsiam-bola madinika, ny tolotra voalohany no hifantenana ny tetikasa ho vatsiana. Hisy ny fangatahana fanampimpanazavana ho an'ireo zay nahatafitra ny fandalinana voalohany mba ahafahana manapa-kevitra ny amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa eo anivon'ny Ratsamangaika ety IfoTon'ny CEPF.

Ny RIT dia hamaly ireo fangatahana voaray ny volana faha-4 aorinan'ny fetra farany fametrahana ny tetikasa. Ho an'ireo tetikasa voafantina aorian'ny dingana voalohany dia misy eo amin'ny 2 hatramin'ny 4 bolana fanampiny no ahafantarana ny fanapahan-kevitra farany sy ny fanaovana ny fifanarahana (contrat de subvention).

## Seraseram-pifandraisana

Ny CEPF dia hamaly ireo fangatahana fanampim-panazavana, na fanamarihina fanampiny mikasika ity fiantsoana ity hatramin'ny 24 Jolay 2016. Ny valim-panontaniana dia hoavoaka amin'ny tranokala mpifandraisana [www.cepf.net/grants](http://www.cepf.net/grants) sy [www.tanymev.org](http://www.tanymev.org).

Ny fanontaniana dia alefa amin'ity adiresy ity : [cepfritmadio@tanymeva.org](mailto:cepfritmadio@tanymeva.org) na Telefaona: 22 403 99

Afaka manontany ireto olona manaraka ireto mikasika ny tetikasa ho aroso sy ny fifandraisany amin'ny toromariky ny CEPF ny mpanolotra tetikasa mialohan'ny handrafetany ny tetikasa :

- Miara RAJAABELINA : [m.rajaobelina@tanymeva.org](mailto:m.rajaobelina@tanymeva.org) , ho an'ny tetikasa amin'ireto faritra ireto
  - o Corridor du Paysage du Nord-ouest, Madagascar,
  - o Corridor Paysage Kirindy-Mangoky, Madagascar
  - o Corridor du Paysage Menabe, Madagascar
  - o Maurice
- Herimanitra RANDRIANARIJAONA [a.randrianarijaona@tanymeva.org](mailto:a.randrianarijaona@tanymeva.org), ho an'ny tetikasa amin'ireto faritra ireto
  - o Corridor du Groupe des Hautes Terres Centrale, Madagascar
  - o Seychelles
- Hantavololona RAKOTONIAINA [h.rakotoniaina@tanymeva.org](mailto:h.rakotoniaina@tanymeva.org), ho an'ny tetikasa amin'ny faritra ireto
  - o Corridor du Paysage Paysage de l'Extrême Nord